Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

Mangoron-karena eo ambonin'ny fahoriam-bahoaka

Nifarana nanomboka tamin'ny alatsinainy 19 oktobra 2020 ny hamehana ara-pahasalamana rehefa nihàtra nandritra ny fito volana. Efa roa na telo volana teo no noheverina fa tokony efa nifarana izany. Mazava ho azy anefa fa mbola niandry izay mety ho fanoherana ny fifidianana loholona ny mpitondra. Rehefa namoaka didy tsy azo hivalozana ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana vao nanafoana ny hamehana ny fitondrana. Noheverin'ny mpitondra mantsy fa tsy afaka manao na inona na inona ny mpanohitra ity fifidianana ity raha mbola ao anatin'ny hamehana. Afaka nanao izay tiany natao koa ny mpitondra nandritra izay fotoana lavabe izay. Satria mpanara-dalàna ny vondron'ny mpanohitra dia hanaiky lembenana na dia fantatra fa mifanohitra amin'ny Lalàmpanorenana aza ny firosoana amin'ny fifidianana noho ireo antony efa iaraha-mahalala. Tonga eo amin'ny fotoana aorian'ny hamehana izany ny Firenena amin'izao fotoana izao, ka handrasana izay lamina sy laharampamehana haroson'ny fitondrana hanarenana ny fitotongan'ny lafim-piainana eo amin'ny sehatra rehetra. Raha ny zava-misy sy iainan'ny vahoaka Malagasy dia tsy ny any Atsimon'ny Nosy ihany no mandala fahasahiranana ara-tsakafo, ka tsy azo hodian-tsy hita ireo very asa tsy fidiny sy ireo mpivarotra izay atao haza-lambo sy roahina amin'ny toerana nanovan'izy ireo izany asa fivelomany izany. Ny maha-maika ny fitondran-dRajoelina Andry dia ny fananganana fotodrafitrasa izay tsy mahavaha ny olana ara-tsosialy mahavaivay amin'izao fotoana izao. Tsy fanipazana sakafo mahavonjy ao anatin'ny fotoana fohy no hanafaka ny fahasahiranan'ny Malagasy. Ny fampiroboroboana haingana sy betsaka ny fambolena (culture intensive) no vahaolana. Iaraha-mahatadidy fa tamin'ny Repoblika III-3, nitantanan-dRavalomanana Marc ny firenena no nisy fifaninanana tamin'ny famokaram-bary ka nanomezana loka ho an'ireo namokatra amam-polo taonina isaky ny hektara. Tamin'izany fotoana izany iany koa no namadihana ireo tany mena teny Iavoloha ho tanimbary izay nomena ny anarana hoe "vitrine de Madagascar". Tsy nisy kere izany mihitsy nandritra ny fito taona nitondran'ny filoha teo aloha Ravalomanana Marc. Nolazaina fa nanao ampihimamba teo amin'ny sehatra famokarana izy tamin'izany fotoana izany satria anisan'ny nanao fanangonam-bokatra ihany koa ny orinasa Tiko kanefa dia nividy ny vokatry ny mpamboly tamin'ny vidiny ara-dalàna tsara. Porofon'izany dia nitaraina indray ny mpamboly rehefa niverina nanao ny asany indray ireo mpanangom-bokatra izay nanambaka ireo tantsaha satria izy ireo no mametraka ny vidim-bokatra raka izay tiany. Tsy ny teo amin'ny resaka fambolem-bary ihany no nosahanin'ny orinasa Tiko fa teo koa ny resaka rano fanalana hetaheta niparitaka manerana ny Nosy ny vokatra ary nifaninana tamin'ny orinasa Star ka heverina fa anisan'ny antony iray nitarika ny fanonganam-panjakana izany. Rehefa tena didihana izao toe-draharaha misy amin'izao fotoana izao momba ny antsojay atao amin'ny Filoha teo aloha Ravalomanana Marc dia noho ilay fisainana efa raiki-tapisaka ao amin'ny gasy dia ny fihalonana ka rehefa misy mpiray tanindrazana niezaka sy tafavoaka eo amin'ny fiainana dia sintonina hidina. Ny tena manahirana eto amin'ity Firenena ity di any mpitondra izay natao ho modely halain-tahaka indray no mampiseho toetra sy fanao mifanohitra amin'ny famporisihana hamokatra sy hampiroborobo ny famokarana. Tokony ho ao an-tsaina mandrakariva anefa fa ny harena ahorina amin'ny fanambakana sy fametsifetsena ny mpiarabelona dia zava-poana ary tsy hitondra soa ho an'ny taranaka mifandimby.

Andry Tsiavalona

Ambohimitombo I, Amoron'i Mania

Tompon-dakan'ny afera maloto ny ben'ny tanàna

Kaominina roa samihafa Ambohimitombo-I sy Ambohimitombo-II, ao atsinanan'Imady-Ambositra, faritra Amoron'i Mania ratsy làlana hatry ny ela. Andro vitsivitsy izay, dia nisy kamiao iray ho ao Ambositra tratra nitondra hazoala sy hazo sarobidy avy any Ambohimitombo-I, niaraka tamina toaka gasy amina zerikanina maromaro no tao ambanin'ireo. Raha ny angombaovao ihany dia re fa ny rahalahin'ny Ben'ny tanàna no nitondra ilay fiara, saingy tafatsoaka na niniana nalefa nitsoaka ilay nitondra ny fiara rehefa nogiazana kosa ny fiara sy ny hazo ary ireo toaka, ka ireo namany no voasambotra. Rehefa natao ny famotorana dia voatonontonona ingahy Maire Ambohimitombo-I. Toy ny efa fanaony dia miezaka mafy mitety birao ao Ambositra izy manelanelana ny raharaha, mba hamotsorana ireo olony ireo. Raha tsiahivina dia efa fantatra fa malaza mpanao afera maloto ingahy Ben'ny tanàna, izay efa 12 taona nitondrana hatramin'izao (janoary 2008- …). Lasa kaominina maty sy feno kolikoly Ambohimitombo-I, tsy nisy fampandrosoana vita (fotodrafitrasa …) fa izy samy mpiray tampo no miha-manan-karena. Kandida MMM (notohanan'ny Lehiben'ny faritra Amoron'i Mania teo aloha) izy farany teo, ka rahonany izay mifidy ny kandidam-panjakana IRD. Asainy mifidy vao maraina avokoa ireo mpanohana azy, ka lazainy fa lany ny vato harotsaka, ary dia tapitra ho azy teo ny fifidianana. Resy ilay IRD, kanefa 2 ihany ny kandida. Efa mahoraka ihany koa ao antanàna fa malaza sy voatonona matetika amin' ny afera taolam-paty, afera bala, basy sy ny halatr'omby izy. Fitadiavambola ho azy ny fitrandrahana ny hazo ala. Mampitaraina ny olona ny fandravany tsikelikely ny fotodrafitr'asa tamin'ny andron'ny filoha Ravalomanana : tsena, bungalows, … ka nanatsarany sy ny rahalahiny ary ny mpomba azy ny trano fonenan'izy ireo ny fitaovana teo amin'ireo fotodrafitrasa ireo. Marihina fa toerana maitso sady mety amin'ny fizahantany any Zafimaniry ny kaominina Ambohimitombo ary efa nitsidika tany ny filoha Rajaonarimampianina. Nanorenan'ny Ben'ny tanàna ny fasan-drazany eo akaikin'ny siniben-drano mamatsy rano fisotro madio ny mpiray tanàna, izay mampimenomenona ny vahoaka, saingy mangina ny olona satria izy no mitondra. Manginy fotsiny ny fibodoana tanin'olona, hala-badin'olona, fisolokiana sy fangalana vola be amin'ny tantsaha hanomezana karatany kanefa ny BIF (Birao Ifotony momba ny Fananantany) efa foana hatramin'ny 2013. Amporisihany ny olona hanao tavy sy hanao hazo ala (fokontany Ambohimanana-Est, Ambohimanjaka, Antanifotsy). Andrasan'ny maro ao Ambositra ity raharaha ity sao vitavita ho azy indray. Velombolo ny rehetra satria avy ao Imady-Ambositra ny minisitry ny Tontolo iainana sy ny Fitsarana, ka tsy hitazampotsiny izao fandripahana ny hazo sarobidy sy ny afera maloto any amin'ny faritra misy azy ireo izao.

Lezama

Dokam-barotra
NY VALOSOA
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alahamisy - Sabotsy) VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Mirantsoa A.

Patrick Raharimanana

Tsy tokony hidiana intsony ny sisintany

Ohatran'ny tsy azoko hoy Patrick Raharimanana, mpanaraka ny raharaham-pirenena raha naneho hevitra tao amin'ny tambazotran-tseraserany izy, ilay fepetra sy mason-tsivana nandraràna ireo fiondranana ara-piaramanidina, ka anidiana ny sisin-tany eto Madagasikara . Amerika sy Brezila hoy izy, mbola ambony be ny taham-pamindràna ny aretina Covid-19 nefa tsy voarara. Ireo Firenena mandrafitra ny Vondrona Eoropena efa afaka mifamezivezy ry zareo samy zareo, fa ny atsy Frantsa sy Allemangne sy firenena Eoropeanina vitsivitsy ihany no mbola raràna. Misy mpandeha avy any Frantsa dia miampita atsy Kenya, dia efa "en provenance Afrique" izany dia mahazo miditra? Afaka manamboatra billet départ Kenya izy, sa lasa ny nationalité indray no anakanana azy? I Chine sy Inde ary Arabie Saoudite moa tsy voaresaka, ka asa koa ny amin'ireo? Ny Firenen-drehetra izao mianatra miaramiaina amin'io Covid-19 io, isika indray ity no manidy trano irery ato. Isika rahateo milaza manana fanafody manasitrana ny Covid-19. Ho vidiana lafo ny vokatr'io aoriana kely ao. Izany tsy midika hoe tsy maka fepetra, ekena ny fitandremana tsy hidiran'ny aretina, ka mety hisian'ny 2ème vague. Fa azo atao tsara ny mametraka fepetra toy ny test PCR alohan'ny iaingana sy eo ampahatongavana, afaka ahiboka ireo olona tonga mandram-piandry ny valin'ny fitiliana. Hamotika ny toekarena ny fanapahan-kevitra manidy sisin-tany, hiakatra 5000 ar tsy ho ela io Euro io raha 4 674,14 Ariary izy androany, ny dolara moa efa manafosafo ny 4 000 Ar ankehitriny raha 3 946,57 Ariary izy androany hoy hatrany Patrick Raharimanana. Izany ilay hoe taitra ny olona tsy taitra, taitra irery vao mamaky takotra hoy ihany koa ity mpanao politika ity. Vao nanomboka ity Covid 19 ity dia efa niteny ny filoha Marc Ravalomanana hoe hidio ny sisintany. Tsy mety izany fa manimba ny toekarena e! tsy mafy noho ny pesta sy ny kôlera io . Izao lazaina fa voafehy ny aretina , afaka ny hamehana ara-pahasalamana, izay vao hanidy trano. Fa mpitondra inona re ity e?

Helisoa

Patrick Raharimnana, mpanao politika, mpandinika ny raharaham-pirenena.

TONONKALO

Iainga sy fitaka manara-penitra ?

Matahotra mafy ny mpamafy lainga,
Fa tsisy tanteraka izay nolazainy.
Jerena ireo asa , tsy misy mba miainga,
Ka boda tanteraka hatramin`ny sainy .

Ireo zavatra maro nampanantenaina,
Mitoetra ho nofy ririnina hatrany,
Fa hafa dia hafa ny zava-dazaina ,
Ny atao kosa dia tsy mitovy amin`izany.

Fampanantenana, mameno sobika.
Ny kely mba vita , tsy misy manjary.
Ny hevitr`izany raha toa ka adika
Dia tsy avotra fa manakofa ny vary.

Ny lalana ity toa tsy misy mpamboatra,
Kanefa efa tapitra ny fahamehana.
Ilay fidedahana ve no be loatra,
Fa ny hany mba hita dia fanapotehana.

Hanorina foana no toa mahamaika,
Kanefa ny vita tsy kojakojaina.
Dia aiza amin`izany fa mahasadaika
Ilay "manara-penitra" nohindrahindraina ?

DADAN`i ZINA (22-10-20)